# ALAHADY FAHA-5 MANDAVANTAONA -Taona D 2025



## ISIKA TSIRAIRAY NO ANTSOIN'ANDRIAMANITRA SY IRAHINY….

Raha tamin'ny alahady lasa teo dia niara-nankalaza ny nanolorana ny Tompo isika. Jiro Masina ho antsika satria i Jesoa no Jiro manila antsika ary isika noho ny Batemy dia zary jiro manila ny manodidina antsika. Indro amin'izao alahady izao fa azo lazaina manohy tanteraka izany ireo vakiteny, izany hoe hivelomantsika izay maha-Jiro antsika ka azo lazaina ho "Alahadin'ny vôkasiona", satria samy hitantsika eto ny antso natao tamin'i Izaia sy i Masindahy Paoly ary tamin'ireo Apòstòly efatra voalohany. Hararaotintsika handinihana mikasika ny vokasiona fa indrindra amin'izao taon-jobily izao izay iantsoana antsika ho Mpivahinin'ny Fanantenana ary iatrehantsika ny Sinaody faha-7 fijanonana faha-3 satria fivelomana an'io vokasiontsika io no tanjona sy fototra ny dinika rehetra.

**Vakitenyl : Izaia 6,1-2a.3-8;**
**Tononkira :** Salamo 137
**VakitenyII :** 1 Korintiana 15,1-11
**Evanjely :** Lioka 5, 1-11

Tsara ny manipika sahady araka ny averimberintsika satria anisan'ny critère na masontsivana lehibe hijerena ny vokasiona ny hoe : tsy misy fihaonana marina amin'Andriamantraa ka tsy miteraka fiovam-penitra mahery vaika. Izany hoe tsy mitovy amin'ny teo aloha intsony ny fiainan'ny olona iray nifanojo marina tamin'i Jesoa. Manova azy io fihaonana io, mahatonga azy hahatsapa ny andraikiny. Izany no fahatsapan'i Izaia tamin'ny fahitana ny voninahitr'Andriamanttra (ao amin'ny Vakiteny voalohany). Niverina indray izany toe-javatra izany tamin'i Masindahy Piera sy ny namany, rahefa nihaona tamin'i Jesoa izy ireo : tetsy andaniny samy natahotra izy ireo satria nahatsapa tena fa mpanota, tetsy an-kilany kosa dia talanjona izy ireo noho ny nahatakarany ny fiantsoana azy. Ity fihaonana ity dia niseho miharihary tamin'ny fanambarana ny asam-pamonjena nataon'ny Tompo (Vakiteny faharoa).

Ny Tenin΄Andriamanitra no manosika antsika ihany koa, mba handinika momba ny vôkasiona : mijoro ho vavolombelona fa velona tokoa i Kristy. Mino fa samy mahatsikaritra isika fa tsy nadika ny teny Vôkasiona satria misy zavatra telo mandrafitra azy tsy azo saraina dia ny antso avy amin'Andriamanitra, faharoa ny valy avy amin'izay mandray ny antso, fahatelo ny fiainana mifanaraka amin'izay antso izay. Noho izany tsy fiantsoana fotsiny ny vôkasiona araka ny eritreritra matetika ary tsy ny valy fotsiny koa na ny fiainana fa izy telo miaraka. Araka ny fiteny Tôlagna na toko telo mahamasa-nahandro dia ny fivelaran'ny tena...

Henontsika tamin'ny Vakiteny voalohany teo fa tamin'ny taonjato faha-5 talohan'i Kristy, ireo mpanjakan' i Joda dia namolavola tetika maro mba hiatrehana ny fandrahonan'ny Asirianina. I Izaia mpaminany, lehibe tao amin'ny lapa, dia niampanga ireny teti-dratsin'ny olombelona ireny, izay manakona ny tsy fahampian'ny finoana an'Andriamanitra sady mampivaona ny asa tena izy dia ny fibebahana anaty tokony hataon'ny vahoaka, izay manadino vôkasiony. Ny antso nataon'i Izaia dia tohin'ilay fotoana nahafantarany an'Andriamanitra avo indrindra, izay hany afaka manadio ny fon'ny olona. Avy Aminy no nandraisan'i Izaia ny asa maha-iraka azy, nandritra ny fanambarana tao an-Tempoly. Andriamamrra dia niseho ho ilay Masina izay mampangovitra ireo manoloana Azy, raha tsy hoe angaha mahazo ny famindrampony.

Ny Vakiteny faharoa kosa dia manambara ny tenin'i Masindahy Paoly tamin'ny Korintianina izay mbola manana ny toe-tsain'olombelona manosika azy ireo hifanohitra ka nahatonga nampahatsiahy ny votoatin'ny Evanjely; fa tamin'ny nahafatesany no namonjen'i Kristy ny olombelona. Nampandray anjara azy ireo tamin'ny fahasoavany mitafotafo Izy, niseho moa izany tamin'ny Fitsanganan'i Jesoa ho velona, ary tsy mitsahatra mirotsaka ho vavolombelon'izany ny Eglizy. Antitranterin'i Masindahy Paoly ny toetra mpandresy ananan'io fahasoavana io, satria izany no nampibebaka azy dia izy ilay Jody mpanenjika taloha. Mbola io fahasoavana io koa no manohy miasa ao aminy...

Ny Vaovao Mahafaly indray dia mitantara fa nifanesika te-hihaino an'i Jesoa ny vahoaka, ka nahatsapa lzy fa mila fanampiana, mba hahatratra ny olona rehetra ny haraton'ny Teny. Izany fanampiana izany dia tsy inona fa ny fiangaviany an'ireto mpanarato, mba hanome ny sambo kelin'ízy ireo hampiasainy. Nefa niala andraikitra izy ireo , noho ny fiheveran-tena ho mpanarato madinika ihany sy noho ny fahatsapan'izy ireo ho tsy manam-pahafahana hampianatra, satria hoe tsy nianatra akory izy ireo.

Hitantsika eto sahady ny vôkasion'ny Eglizy sambo iray lehibe hanampy olona hiampita miaraka amin'i Jesoa.

Nampirisihan'i Jesoa aloha izy ireo mba hanatanteraka ny baikony tamin'ny fandrotsahana ny harato, izay hitondra vokatra mampitolagaga. Fa ny ezaka natao nandritra ny alina iray manontolo dia tsy nahazoana na inona na inona; kanefa ny fihetsika kely monja fanatanterahana ny tenin'i Kristy dia nahazoana vokatra tsy nampoizina. Matoa nanaraka an'i Kristy hitory ny Vaovao Mahafaly ireto mpanarato ireto, dia satria fantatr'izy ireo fa ny fiarahan'ízy ireo Aminy dia hiteraka fahombiazana ihany koa amin'ny fanaratoana olona.

Ho gaga mandrakariva isika eo am-pieritreretana ny fomba fiasan'Andriamanitra. Ny tena mahatalanjona, dia ny mandre an'Andriamanitra Masina indrindra miantso antsika hizara ny

fiainany. Tsy miseho ho masina eo imasontsika Izy, raha tsy efa mamindra fo amintsika sy mitia antsika. Izy mandrakariva no misantatra izany. Manana traikefa momba ny halehiben'Andriamanitra sy ny fahamasinany i Izaia. Rahefa mahatsapa ny maha-eo anatrehan'Andriamanitra azy izy, dia nahatsapa ny fahantrany tanteraka «Loza ho ahy . Very aho, satria olombelona maloto molotra...».

Afaka mandrefy ny fomba fihevitsika an'Andriamanitra isika amin'ny fahatsapana fa kely sy bitika ary mpanota eo anatrehany.

Manjary azo tsapain-tanana ny vôkasiona raha ao am-pontsika ao ny fahazoa-mampiasa malalaka ny valy entina mamaly hanatanteraka ny antso amin'ny alalan'ny fiainana mifanaraka amin'izany.

Hitantsika ao amin'ny Vakiteny faharoa fa mahavita zava-mahagaga sy lehibe Andriamanitra satria afaka manova ny fon'ny olona Izy, afaka manova ny fiainany. Ny zavatra izay heverin'ny olona ho tsy azo tanterahana araky ny fisainana maha-olona fotsiny izao, dia zavatra bitika tsy mampananosarotra akory ho an'Andriamanitra. Ity misy fanontaniana: nahoana i Masindahy Paoly tonga Apòstolin'i Kristy, kanefa nanenjika ny Eglizy teo aloha?

Tokana ny valin dia hoe : satria nihaona, nifanojo tamin'ilay Tafatsangan-ko velona izy, satria nahita Azy velona teo anivon'ny fianakaviany izy, satria i Kristy no niantso azy ka namaly izy, nanaraka an'i Jesoa ka nahatonga ny tenany ho Apostoly. Izany no nahatonga an'i Md Paoly nivolagna hoe : "tsy izaho fa ny fahasoavan'Andriamanitra miaraka amiko…" Andriamanitra no mampahomby.

Navelan'i Piera ny maha-mpanarato azy, fa nino ny Tenin'i Jesoa. Ny vokatra azony dia lehibe lavitra noho ny asam-pinoana nataony: fanjonoana namokatra. Ohatra velona ho antsika tsirairay izany! Ny asa fanirahana ampanaovina ny Eglizy dia mihoatra lavitra ny herin'ny olombelona: ny mpianatra marina dia mihaino ny Tenin'Andriamantra, na dia mitaky hery toa tsy mifanaraka amin'ny fisainan'ny olona aza izany indraindray.

Resy teo amin'ny sehatry ny asa fanaony sy mahazatra azy i Masindahy Piera sehatra izay heveriny manavanana azy. Nandresy azy i Jesoa ary nasehony azy fa voafetra ihany ny herin'ny olombelona. Tsy mahavita na inona na inona izy raha tsy miaraka Aminy. «Niasa fatratra izahay fa tsy nahazo». Isika koa amin'ny fotoana sasantsany dia misedra amim-pinoana ireo ezaka hanatontosantsika ny adidy momba ny asantsika.....

Ny fanaratoana mahagaga dia maneho ny fahombiazan'izay mifikitra sy matoky ny asan'Andriamanitra satria, izay manao ny asan'Andriamanitra dia Andriamanitra hanao ny asany. Izy no manao ny fiantsoana, Izy no tompon'andraikitra voalohany amin'ny asa. Ny fanjonoana mahagaga dia fanehoana ny herin'Andriamanitra tao amin'i Kristy.

Tsy misy olona tsy manam-pahotana. Ary tsapa izany rahefa mihaona sy mifanatrika amin'ny Tompo. Niaina ny traikefam-piainan'Izaia koa i Masindahy Piera: "Miala amiko satria mpanota aho». Taty aoriaana. Rahefa naneno ny akoho vao mainka ho tsapany bebe kokoa ny maha-mpanota azy! Izy ilay nangatahin'i Jesoa mba hisolo tena Azy, ilay Papa voalohany, dia olona mpanota.

Tsy tokony hahakivy antsika izany raha vonona ny hanara-dia ny Tompo isika: satria Izy mandrakariva no mitondra ny hafatra ka maniraka antsika. Hoy i Jesoa tamin'i Masindahy Piera:

«Aza *matahotra».* Izany no teny fankaherezana ao amin’ny Baiboly, lazain’ireo iraky ny lanitra amin’ny olombelona izay nahatsapa ny fisian’Andriamanitra. Izany koa no holazain’i Jesoa mandrakariva taorian’ny fitsangana ny ho velona. “Aza matahotra” hoy i Jesoa amintsika anio. Noho izany, apetraho am-pelatanan’ny Tompo ny tahotra misy ao amintsika, izay manjary vato misakana amin’ny tena fahatokìsana Azy, sady vato misakana amin’ny fanapahan-kevitra te-hiara-dia Aminy.

Ny fahagagana tena izy dia tsy ny fanaratoana teny ambony ranomasina ihany, fa ny fiovan’ny fon’i Masindahy Piera sy ireo namany, izay nanjary sahy nanaraka an’i Jesoa, ka nandao ny zavatra rehetra.

Koa alao hery àry, ry hava-malala! Miantso ahy, miantso anao Andriamanitra. Aza matahotra fa henoy ny antsony, valio izy ary miara-dia Aminy manorina ny fiainana miaraka Aminy ary apetraho eo am-pelatanany ny asa mahairaka ankininy amintsika. Fa momba antsika mandrakariva ary mankahery antsika. Masina Maria Renin’Andriamanitra ianao no nandray antso voalohany ary nanatanteraka izany, matoky ny vavakao izahay fa indrindra amin’izao Taon-jobily izao ka hahatonga anay tokoa ho Mpivahinin’ny Fanantenana mamafy hafaliana, fiadanana ary fihavanana sady kristianina no Malagasy. Tohano ny ezaka ataonay amin’izao sinaody izao ka afaka hanorina ilay Tranobe Iombonana efa rava izahay. Md Josefa, Ray Mpiaron’ny Eglizy eran-tany matoky ny vavakao izahay. Amena.

Mompera Arseveka Benjamin Marc Ramaroson